TETIKASA « TAMBERINANDRAIKITRA ETO MADAGASIKARA : NY FAMPIHARANA IREO VOLAVOLAN-KEVITRA »

Lohateny : Fiofanana ho an'ny tanora mpitantsoroka momba ny haitarika, ny tamberinandraikitra, ny ady amin'ny kolikoly ary ny fitondrana feo

Toerana : Père Dionien – Ambolokandrina

Endriny **:** Kilasy mandry

Faharetany **: 5** andro

Fotoana **:** 5, 6, 7, 8 et 9 desambra 2016

I – Hodidina

Na dia eo aza ny fandrosoana amin'ny fampiainana ny demokrasia tsikaritra tao anatin'ny telo taona izay, dia mbola mitoetra ho firenena marefo ara-politika, indrindra ara-toekarena sy ara-tsosialy hatrany i Madagasikara. (Razafindrakoto et al., 2015). Tsapa fa misy elanelana matetika eo amin'ny fitsipim-pitondrana, ny rafi-pitsarana sy rafi-pitantanana ny fiainan'ny vahoaka andavanandro sy ny hetahetan'izy ireo. Tsy dia heverina loatra ny hevitra miainga avy eny ifotony izay endrika iray isehoan'ny fandraisan'anjaran'ny vahoaka amin'ny fiainam-pirenena. Anisan'ny maneho ny faharefoan'ny demokrasia eto Madagasikara tokoa ny tsy fahampian'ny sehatra ahafahan'ny olompirenena mandray anjara feno sy mihetsika. Izany no mahatonga ny tsy fisian'ny fampiharana ny tamberinandraikitra sy ny fanaovan'ny mpitondra fanjakana tatitra momba ny fitantanan-draharaham-panjakana. Araka ny vokatry ny fikarohana nataon'ny Transparency International tamin'ity taona 2016 ity sy ny singa mamaritra ny fandrosoan'ny maha-olona dia mbola anisan'ireo firenena anjakan'ny kolikoly be indrindra i Madagasikara. Amin'ireo firenena 174 nanaovana fanadihadiana, dia laharana faha 133 no nisy an'i Madagasikara. (Vondrona valo, toa an'ny Banky Iraisam-pirenena, sy ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana no nanatanteraka io fanadihadiana io niaraka tamina mpandraharaha ara-toekarena iraisam-pirenena. Tokony hampitomboina ny ezaka efa natomboka ho amin'ny fanomezana vahana ny fahaiza-mitantana (tafiditra amin'izany ny ady amin'ny kolikoly) sy ny tamberinandraikitra.

Araka izany, fanamby maro no tsy maintsy mbola hihoarana, toy ny fanamafisana orina ny rafim-panjakana, ny famerenana ny fitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra fanjakana, ny fampiharana azo tsapain-tànana ny tany tan-dalàna sy fanjakana tsara tantana, sy ny fanaraha-maso ny asam-panjakana amin'ny alalan'ny firotsahana antsehatra mahomby ataon'ny fiarahamonimpirenena. Izany indrindra no anton'ny tetikasa "Tamberinandraikitra eto Madagasikara, ny fampiharana ireo volavolan-kevitra." Izy ity dia fitaovana iray hivoizana ny tamberinandraikitra sy ny fandraisan'anjaran'ny olompirenena amin'ny fanaraha-maso ny fiainam-pirenena sy ny fiainana politika. Efatra no vondrona mpiaramiombonantoka miara-misalahy amin'ny fampanjariana ny tetikasa dia ny : Centre Européen d'Appui Electoral (ECES), ny Fikambanana Liberty 32, ny Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana Tolotsoa, ary ny Center for Creative Leadership (CCL), izay vatsian'ny Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara vola, mandritry ny herintaona.

Iray amin'ireo asa goavana indrindra ho tanterahina ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny fiarahamonimpirenena izay misolo tena ny olompirenena amin'ny alalan'ny fiandraiketana ny fanaraha-maso ny mpitondra fanjakana sy ny fiainam-bahoaka ka milaza izay hita sy tsapa fa tsy mety, sy ny fanabeazana ny olompirenena.

Ao anatin'izany no hikarakaran'ireo mpiaramiombonantoka amin'ity tetikasa ity fiofanana ho an'ny tanora izay ho mpitantsoroka amin'ny sehatry ny haitarika, ny tamberinandraikitra, ny ady amin'ny kolikoly, ary ny fitondrana feo. Faritra dimy (5) no hanatanterahana ny asa dia Analamanga, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Matsiatra Ambony, ary Menabe.

II – Tanjon'ny tetikasa

Ny fanomezana vahana ny fandraisana anjaran'ny tanora amin'ny fiainam-pirenena amin'ny alalan'ireo hetsika sy tetikasa miainga eny ifotony no tanjona lehiben'ny tetikasa.

Ireto kosa no tanjon'ny fanofanana :

- Hanatevina ny fahafaha-manaon'ny tanora amin'ny haitarika sy ny fitondrana feo
- Hamporisika ny tanora haneho hevitra ka mba ho re ny feony

- Hanohana sy hitan-tsoroka ireo fandraisana andraikitry ny tanora eny ifotony, momba ny tamberinandraikitra sy ny ady amin'ny kolikoly
- Hanampy ny mpisehatra amin'ireo hetsika sy tetikasa ataony momba ny tamberinandraikitra, ny fitondrana feo sy ny ady amin'ny kolikoly
- Hampiroborobo tambazotrana tanora mba ho tena olompirenena tompon'andraikitra any amin'ny faritra misy azy ireo tsirairay avy amin'ny alalan'ny fahalalana homena azy ireo.

III - Fomba fiasa

Mifototra amin'ny fampandraisana anjara mivantana sy ny fifanakalozana ny fanofanana:

- fampiasana « Power Point »
- asa an-tarika sy fanehoana vokatra iraisana
- Fampiharana
- Kilalao
- Fandefasana horonan-tsary arahina adihevitra
- Takalo sy fifampizarana traikefa
- Fitsidihana sampan-draharaha

IV - Mpisitraka

Mpisitraka : Tanora 18 ka hatramin'ny 35 taona

Ireto avy no takiana amin'ireo maniry handray anjara :

- Mpikambana mavitrika ao anatina rafitra fiarahamonimpirenena (hamarinina amin'ny taratasy fanolorana avy amin'ilay rafitra)
- Mahavita mitantana tetikasa sy mitarika vondron'olona
- Mahafantatra ny atao hoe olompirenena mahafoy tena sy ny atao hoe demokrasia
- Mahafantatra ny tontolo politika eto Madagasikara
- Efa nitarika sy nanatanteraka sahanasa teny ifotony
- Mahazo sy afaka manoratra teny frantsay
- Afaka mandamina fotoana ka mandray anjara feno amin'ny ofana any amin'ny Faritra izay hotanterahina aorian'ity Fiofanana ity (Analamanga:16 - 20 janoary 2017 ; Atsinanana : 30 janoary - 03 febroary 2017 ; Matsiatra Ambony : 13 - 17 febroary 2017 ; Menabe : 27 febroary - 3 martsa 2017 ary Alaotra Mangoro : 13 - 17 martsa)

V - Fomba fametrahana ny antontan-taratasy

Izay liana dia afaka mandefa ny fangataham-pandraisana anjarany amin'ny mailaka dina.ranaivo@eces.eu ka ireto avy no mandrafitra ny antontan-taratasy: taratasy fangatahana nofenoina araka ny tokony ho izy, taratasy milaza ny mombamomba ilay olona (CV) miaraka amin'ny sary nalaina vao haingana, taratasy avy amin'ilay rafitra manolotra ny mpifaninana. Ireo dia alefa farafahatarany ny 25 novambra 2016 amin'ny 5 ora hariva

Ireo izay voafantina ihany no haharay antso

Raha mila fanampim-panazavana dia antsoy ny 22 204 31 na 032 11 026 04

Vondrona mpanatanteraka:

ECES CENTRE EUROPEEN D'APPUI ELECTORAL

Liberty 32 Ensemble, construisons un lendemain meilleur

NG TOLOTSOA

Center for Creative Leadership

Tetikasa vatsian'ny :

Embassy of the United States ANTANANARIVO

FORMULAIRE DE CANDIDATURE

FORMATION DES JEUNES ENCADREURS

1. Information personnelle

Nom	: ……
Prénom(s)	: ……
Age	
Homme ☐	**Femme** ☐
Profession	
Téléphone(s)	: ……
E-mail	: ……
Adresse/Facebook	: ……
Niveau d'étude	: ……
Nom de l'organisation source : …… **Fonction au sein de l'organisation :** ……	

2. Pourquoi souhaitez-vous participer à cette formation des jeunes encadreurs ?
Inona ny manosika anao handray anjara amin'ity fiofanana ity ?

……
……
……
……

3. Quelle est votre vision?
Inona ny vina anananao ?

……
……
……
……

4. Quelles sont vos réalisations (actions et/ou projet)?
Inona avy ireo hetsika/tetikasa efa notanterahinao ?

……
……
……
……

5. Comment comptez-vous partager et appliquer les acquis après la formation?
Ahoana ny fomba hizaranao sy hampiharanao ny zavatra azo nandritra ny fiofanana ?

……
……
……
……